## ARRETE N° 5664/96 du 12 septembre 1996

### relatif aux transferts de bénéfices, de revenus et de capitaux à destination de l'étranger

*(J.O. n° 2416, du 24/02/97, p. 432)*

**Article premier** - En application du décret n° 72-446 du 25 novembre 1972 susvisé, délégation est donnée aux intermédiaires agréés pour effectuer le transfert à destination de l'étranger des opérations courantes ci-après :

- Dividendes et bénéfices ;
- Salaires et traitements ;
- Revenus des biens meubles et immeubles ;
- Droits de licence, royautés et redevances ;
- Frais d'assistance technique au profit des non-résidents et des résidents de nationalité étrangère.

**Art. 2** - Ces opérations courantes de transfert vers l'étranger feront désormais, l'objet d'une simple déclaration de transfert à souscrire en quatre exemplaires auprès des intermédiaires dès la publication de cet arrêté.

**Art. 3** - Les opérations en capital, à savoir :

- Les produits de cession d'actions ou de parts sociales ;
- Les produits de cession de fonds de commerce ;
- Les produits de liquidation ;
- Les produits de vente de biens meubles et immeubles ;
- Les avances en compte courant d'associés ;
- Les emprunts restent soumises à autorisation préalable du Ministère des Finances et du Budget.

**Art. 4** - Les intermédiaires agréés doivent établir des comptes rendus mensuels des transferts effectués dans le cadre du présent arrêté, accompagnés du double de la fiche de déclaration de transfert, à adresser au Ministre chargé des Finances et à la Banque Centrale de Madagascar. Des circulaires préciseront en tant

## DIDIM-PITONDRANA N°5664/96 tamin'ny 12 septambra 1996

### mikasika ny fandefasam-bola any ivelany avy amin'ny tombom-barotra, ny vola miditra mbamin'ny renivola *(Idem)*

**Andininy voalohany** - Ho fampiarana ny didim-panjakana laharana faha 72-446 tamin'ny 25 novambra 1972 voalaza etsy ambony dia omena fahefana ireo mpanelanelana nankatoavina hanao ny fandefasam-bola any ivelany mikasika ireto raharaha mandavanandro manaraka ireto, ho an'ireo sarimonina sy miorim-ponenana mizaka ny zom-pirenena vahiny :

- Zaratombony vola sy tombom-barotra ;
- Karama sy tambin-karama ;
- Vola azo avy amin'ny fanana-manaraka sy fanana-mifaka ;
- Saran'asam-pamoronana, zo manara-batana amin'ny asam-pamoronana sy tambin'asa ;
- Sarany noho ny fanampiana ara-teknika.

**And. 2** - Raha vao mivoaka ity didim-pitondrana ity, dia tsy maintsy hanaovana filazana famoaham-bola hatao sosony efatra eo amin'ny mpanelanelana nankatoavina ireo raharaha mandavanandro momba ny fandefasambola any ivelany ireo.

**And. 3** - Tsy maintsy hakana alalana mialoha avy amin'ny minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola kosa ireto raharaha mikasika ny renivola ireto :

- Ny vokatry ny fivarotana petra-bola na anjaram-pikamba-nana ;
- Ny vokatry ny fivarotana toko-tanim-barotra ;
- Ny vokatry ny famaranam-pa-nanan'ny fanjarian'asa ;
- Ny vokatry ny fivarotana fanana-manaraka sy fanana-mifaka ;
- Ny vola arotsaka mialoha ao amin'ny kaonty sesilan'ny mpikambana ;
- Ny findramam-bola.

**And. 4** - Tsy maintsy manao tatitra isam-bolana momba ny famoaham-bola nataony araka ny voafaritra antin'ity didim-pitondrana ity ny mpanelanelana nankatoa-vina, izay havantana amin'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola sy amin'ny Banky Foiben'ny Madagasikara, miaraka amin'ny takelaka faharoan'ny filazana

que de besoin les modalités d'application du présent article.

famoaham-bola. Hisy tenimita hamaritra, araka ny ilàna izany, ny fombafomba fampiharana ity andininy ity.

**Art. 5** - Le Ministre chargé des Finances et la Banque Centrale de Madagascar procéderont selon leurs compétences respectives, à des contrôles auprès des intermédiaires agréés.

**And. 5** - Hanao fanaraha-maso, araka ny tandrifim-pahefany avy, eo amin'ny mpanelanelana nankatoavina, ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola sy ny Banky Foiben'ny Madagasikara.

**Art. 6** - Les dispositions antérieures contraires au présent arrêté seront abrogées.

**And. 6** - Foanana ny fepetra teo aloha mifanohitra amin'ity didim-pitondrana ity.